# NY MATOANTENY

**Fandinihana**:

- Mahasoa ny mianatra.
  L (asa atao)
- Manidina ny vorona
  EM (Fihetsika)
- Avy foana ny orana.
  EM (toe-javatra mitranga)

⇨Teny entina milaza asa atao na fihetsika na toe-javatra mitranga.

⇨ Teny afaka mitana anjara asa fototra

## 1. Famaritana

Ny atao hoe matoanteny dia teny entina milaza asa atao, na fihetsika na toe-javatra mitranga, ka afaka mitana anjara asa fototra no sady afaka miova endrika inefatra ka hatramin'ny inenina rehefa solosoloina ny tsirin-teny ao aminy.

## 2. Karazany :

Misy karazany roa ny matoanteny:

### a) Matoanteny fototeny

Tsy azo rasaina intsony, izany hoe tsy misy tsirinteny miaraka aminy kanefa ahazoana sampanteny

Oh : tonga, vita , lasa, …

### b) Matoanteny sampan-teny

Azo rasaina izy araka izany
Noho izany misy karazany efatra ihany koa ny matoanteny sampan-teny:
Matoanteny sampan-teny aman-tovona
Matoanteny sampan-teny aman-tovana
Matoanteny sampan-teny aman-tsirinteny sara-droa
Matoanteny sampan-teny aman-tsofoka.

## 3. Fomba fisedrana matoanteny :

-

### Fomba fisedrana matoanteny fototeny

Asiana mpisolo tena tampisaka (**-ko**, **-nao**, **-ny** …. ) ilay teny; ka raha fiteny dia matoanteny izy izay.

Matoanteny

**Oh**: lasa = lasa-ko, lasa-nao, lasa-ny
⇨ lasako, lasanao, lasany (fiteny)
⇨Matoanteny

hita= hita-ko, hita-nao, hita-ny
⇨ hitako, hitanao, hitany (fiteny)
⇨Matoanteny

**Tsy matoanteny**

kely = keli-ko, keli-nao, keli-ny
⇨keliko, kelinao, keliny (tsy fiteny)
⇨tsy matoanteny

soa = soa-ko, soa-nao, soa-ny
⇨soako, soanao, soany (tsy fiteny)
⇨tsy matoanteny

### Fomba fisedrana matoanteny aman-tovana mivaky sy aman-tsofoka

Alatsaka ny "**m**" voalohany eo aminy; avy eo tovanana **–ana**. Raha fiteny dia matoanteny izy izay. Azo atao anefa ny mampiasa fanatsaram-peo sy fanita-pototeny.

Oh : Milalao : (m)- ilalao + ana
⇨ilalaovana (fiteny)
⇨ Matoanteny

Matavy : (m) atavy + ana
⇨atavizana (tsy fiteny)
⇨tsy matoanteny

### Fomba fisedrana matoanteny sampanteny aman-tovona tsy mivaky.

Soloina tovona mivaky toy ny : **m-i; m-a; m-an**; … sns ilay tovona tsy mivaky, ka raha fiteny dia matoanteny izy izay.

Oh: voasasa (voa) + m-i + sasa

⇨ Misasa (fiteny)

⇨ Miteny

Raha ny fitsipika no jerena dia tsy tokony hosedraina intsony ny matoanteny aman-tovona tsy mivaky: **a-, voa-, tafa-.**

**Fomba fisendrana matoanteny sampanteny aman-tsirinteny sara-droa sy tovana**

Soloina tovana mandidy toy ny: **-a; -o; -y** ny tovana tsotra, ka raha fiteny ilay teny azo dia matoanteny.

Oh: ipetrahana = ipetrak(a)-(ana)-o

⇨ ipetraho (fiteny )

⇨ Matoanteny

lazaina = laza + (ina) + o

⇨ Lazao (fiteny )

⇨ Matoanteny

Voloina: volo (ina) + y

⇨ Voloy (tsy fiteny)

⇨ Tsy matoanteny

kitratraina = ki + tratra (ina)-o

⇨ kitratrao (fiteny )

⇨ Tsy matoanteny